# 16 NY SOKAJIN-TENY MPISOLO TENA

## TANJONA

- Mamantatra ireo mpisolo tena ary mahay mampiasa izany.

## LESONA HOTADIDINA

**FAMARITANA**

Ny atao hoe "Mpisolo tena" dia ireo teny entina misolo olona (na biby na zavatra) tsy tiana hotenenina mivantana.

**NY ENDRIKA ISEHOANY**

- Raha ny endrika isehoany dia misy karazany roa izy :

a)Ny mpisolo tena miavaka, izy io dia mitokana fa tsy mitambatra amin'ny teny hafa.

Ohatra : izaho, ialahy, ise, isika, ianareo …

b)Ny mpisolo tena tampisaka izay mirafitra mitampisaka na mitambatra amin'ny teny iarahany.

Ohatra : -ko, -nao, -ntsika, -nareo… .

- Raha ny olona tondroiny no dinihina, dia misy sokajy telo izy :

a)Ny mpisolo tena manondro olona voalohany, na ny olona miteny :

Izaho, aho, ahy, -ko, isika, -nay, izahay …

b)Ny mpisolo tena manondro olona faharoa, na ny olona hitenenana :

Ianao, ise, ialahy, indry, -nao …

d ) Ny mpisolo tenamanondro olona fahatelo, na ny olona ivelan'ny miteny sy itenenana :

izy,azy, -ny, izy ireo…

- Amin'ireo karazana na sokajina mpisolo tena ireo dia misy :

a)Ny mpisolo tena manondro olona tokana :

Izaho, ianao, izy, -ko, -nao, -ny

b) Ny mpisolo tena manondro olona maro :

Isika, ianareo, izy ireo, -ntsika, izahay, -nay, -nareo.

**AHOANA ARY NY PAIKA HANAVAHANA NY MPISOLO TENA AO ANATY FEHEZANTENY NA LAHATSORATRA?**

- Fantarina aloha ny maha mpisolo azy amin'ny fandinihana izay teny soloiny.
- Jerena ny toerana misy azy : mitokana miavaka, sa mirafitra mitampisaka amin'ny teny hafa.
- Raha to aka manondro olona ilay mpisolo, dia dinihina na olona voalohany, na faharoa, na fahatelo no tondroiny.
- Avahana tsara na tokana na maro ny olona tondroiny.

**Sahanasa 1**

**Famoronan-dahatsoratra**

Nandeha namangy havana tany ambanivohitra ianareo, tantarao amin'ny andalana vitsivitsy ny fizotry ny dianareo tany ka ampiasao ireo mpisolo tena nianarana.

**Sahanasa 2**

**Lahatsoratra:**

Fotoam-pialan-tsasatra tamin'izay. Nandeha naka rivotra tany amorontsiraka daholo izahay mianakavy tao an-trano. Izy mivady Ray aman-dreninay tia mivoaka raha vao maraina ny andro. Izahay mianadahy avy kosa dia ny hariva vao mivoaka mandahandeha. Tiako ery ny moron-dranomasina, faly ery aho. I zoky ndray, tiany ery ny milomano. Nanaram-po ery izahay.

Alohan'ny hiverenanay hitodi-doha hody, nentin' i Dada nijery rindran-kira izahay, tarika maromaro no niseho sehatra tao. Samy nanana ny naha izy azy avokoa izy rehetra. Faly sy ravo avokoa izahay. Tena nahay nampiala voly izy ireo.

Ny hafalinay hoy izy dia ianareo afa-po. Nalaiko sary izy ireo. Nahafinaritra ery ny fialan-tsasatray.

**Fanontaniana**

1) Tsipiho izay mpisolo rehetra hitanao ao amin'io ampahan-dahatsoratra io.

2) Fenoy amin'izy ireo ity fafana ity

| Mpisolo tena tampisaka | Mpisolo tena miavaka |
|---|---|
| | |

3) Avaho ny olona tondroiny : voalohany, faharoa, fahatelo

4) Ary atokany izay mpisolo tena manondro olona tokana, sy ny manondro olona maromaro.